


**Tsy asiako sary ao anatin'ity lahatsoratra ity fa mazava be ny ao anatin'io vidéo eo ambony io**




**Io ambony io kosa ny vidéo nalaina nivantana tamin'ny Viva Tv ny 12 Aprily 2017 ihany**


Inona no Vaovao

« Izay mahara-baovao, tia fandrosoana »

Alakamisy 13 avrily 2017 | N° 2349 | 200 Ariary

Nivo Ratiarison

Voasazy hiasa an - terivozona dimy taona

miampy lamandy 80 000 000 Ariary

Efa nivadika ve ny lohan'ity Talen'ny Kabinetran'ny minisitra Andrianjato teo aloha fa dia tena nanafika tsotra izao ny mpaka sarinay Harilala Randrianarison? Fa dia mihevitra ve izy fa tsy hisy naka sary sy vidéo ny fihetsiny nefa vao avy nomelohin'ny fitsarana higadra 5 taona an-terivozona (*« travaux forcés »*) miampy lamandy 80 tapitrisa ariary?

Asa marina ny tena heviny aloha. Marihina fa manana telo andro izy mampakatra ny raharahany (*« appel »*) sao mba ho rava ilay didim-pitsrana. Fa izahay ato aminy madagate.org kosa dia hitory azy satria simba tanteraka ilay faka sary nefa io no ameloman'i Harilala ny vady aman-janany.



**Valim - pitsarana an ' i Nivo Ratiarison**

**Asa an - terivozona dimy taona miampy lamandy 80 000 000 Ar.**

Tonga maro ireo rehetra mpanara - baovao mikasika ny fizotry ny valim - pitsarana an' i Nivo Ratiarison, talen' ny kabinetran' ny serasera teo aloha, omaly tetsy Anosy. Ity farany izay nampangaina noho ny antony fanodinkodinam - bolam - panjakana sy fahazoana harena tamin' ny tsy ara - dalàna sy fanararaotam - pahefana ary fanaovana hosoka sy fampiasana hosoka. Araka ny didim - pitsarana izay nivoaka omaly marina dia voaheloka hanao asa an - terivozona dimy taona sy mandoa lamandy 80.000.000 Ariary ny tenany. Nambaran' ny teo anivon' ny Fitsarana ihany koa fa tsy mahazo manao asam - panjakana intsony izy. Nisy moa ireo izay voampanga niaraka taminy ka nahazo sazy mifanaraka tamin' ny fanenjehana azy ireo ihany koa. Anisany afaka noho ny fisalasalana tamin' izany ny tale jeneralin' ny Ortm genie media. Ilay olona hirakiraka na "coursier" ihany koa dia afaka madiodio tamin' ity raharaha ity. Taorian' ny valim - pitsarana dia voaelingelina sy tsy afaka nanao ny asany ankalalahana ireo mpanao gazety no sady niharan' ny herisetra. Naneho fihetsika feno herisetra sy feno habibiana tamin' ny mpanao gazety ny tenany taorian' ity fivoahan' ny didim - pitsarana azy ity. Raha ny tranga hita teny Anosy mantsy dia novelesiny sy nokasihany tanana teo am - panaovana ny asany ilay mpanao gazety ao amin' ny "Madagate", izay mpikambana ao amin' ny Crimad izay vondrona iombonan' ny fikambanan' ny mpaka sary matihanina eo amin' ny sehatry ny asa fanaovan - gazety. Simba tanteraka ilay fitaovana fakantsary ka nilaza ny hitory ity fikambanan' ny paka sary ity.

Asa, inona no tian'ingahy Nivo Ratiarison ambara amin'io hetsika io

**Ilo R.**

Fa ankoatra ny fitorianay dia nanao fanambarana iombonana koa ny Biraon'ny Filankevitry ny Holafitry ny Mpanao Gazety eto Madagasikara sy ny Fikambanan'ny Mpaka Sary an-gazety eto Madagasikara (CRIMAD) izay hitory ihany koa. Satria masina ity asa ity ka tsy maintsy mifanome tanàna ny mpanao gazety satria izany firehana politika izany ho an'ny mpikaram'ady ihany.

**Jeannot Ramambazafy**

Talen'ny famoahana sy Tonian-dahatsoratra

www.madagate.org

**FANAMBARANA IOMBONANA**

Ny Biraon'ny Filankevitry ny Holafitry ny Mpanao Gazety eto Madagasikara sy ny Fikambanan'ny Mpaka Sary an-gazety eto Madagasikara (CRIMAD)

Dia manao izao fanambarana izao:

Taorian'ny fihetsika feno herisetra sy habibiana nataon'i Nivo Ratiarison sy ny olona iray niaraka taminy, noho ny raharaham-pitsarana nahazo azy, natao tamin'ny mpaka sary an-gazety, manameloka izany fihetsika izany ny Holafitry ny Mpanao Gazety eto Madagasikara. Vaky sy simba tamin'izany ny fitaovan'ny mpanao gazety avy amin'ny Madagate.com ary mbola nisy fandrahonana nataon'ilay olona voaheloka nandritra izany fotoana izany.

Tsy ekena ary helohinay Holafitry ny Mpanao gazety eto Madagasikara ny fihetsika nanimba ny fitaovam-piasan'ny mpanao gazety sy fikasihan-tanana ny mpanao gazety teny amin'ny Fitsarana androany alarobia 12 avrily 2017 teny amin'ny fitsarana Anosy.

Noho izany dia hitory sy hitondra ny raharaha eo amin'ny fitsarana izahay satria araka ny voalaza ao anatin'ny lalàna mifehy ny asa fanaovan-gazety, araka ny andininy faha-68 dia tsy azo atao ny manimba ny fitaovan'ny mpanao gazety eo am-panatanterahana ny asany.

**Ny Holafitry ny Mpanao Gazety eto Madagasikara**

Rakotonirina Gérard, Filohan'ny OJM

**Ny Fikambanan'ny mpaka sary an-gazety**

Rakotondrazaka Hery

**Mpaka sary madagate.org**

Randrianarison Harilala